SOCIETE D'ETUDES DE CONSTRUCTION ET DE REPARATION NAVALES
Société Anonyme au capital de MGA 8.527.000.000,00
Identification statistique N° 301-11-71-1975-0 00002 N I F 4000225969 RCS Antsiranana 2002–B–0070
Comptes Bancaires : BOA D/S – 00009 01 000 1 095 263 0005 90
BMOI D/S – 00020 010001 001 64 32
BFV-SG D/S – 00008 00510 02001000 872 86
BNI-CA D/S – 00005 00016 34321640100 22
SECREN SA
Site internet : www.secren.mg

# TRATRY NY TAONA 2022 ATSIKA JIABY !

Mitsingerina indray ny taona. Am-pitiavagna sy amin'ny fo feno haravoagna lalandava no iarahabanay anareo namana mpiara-miasa rehetra sy ny fianakavianareo tsiaraikiaraiky ato amin'ny orinasa SECREN SA tratry ny taona vaovao 2022.

Isaorantsika lehibe Zagnahary, ilay avo indrindra, nitahy atsika sy ny orinasa nandritra iny taona 2021 iny ka tsy nahatafidirantsika tamin'ny "arrêt technique" na "chômage technique" na koa "licenciement économique". Eny, miara-miaiky isika fa tena mafy dia mafy ny làlana nandalovan'ny orinasa tamin'iny taona nivalona iny ary nisy fiantraikany mivantagna sy lehibe tamin'ny fiaina-tokantragnontsika tsiaraikiaraiky, nefa mbola nomeny tombon'androm-pahavelomagna hiatrika taona vaovao isika mianakavy ka omentsika azy, ilay Nahary, ny haja, ny dera ary ny voninahitra.

Ainga anie mbola homeny hery sy tanjaka ary tolo-dàlana ny vatategnantsika tsiaraikiaraiky ho entina hamongorana amin'izay ity valan'aretina Covid-19 ity sy hanaremana ny krizy ara-bola sy ara-tsosialy tsy manam-paharoa naterak'izany valan'aretina izany tamin'orinasa.

Araka ny maha-araiky antsika ato amin'ny orinasa SECREN SA dia manainga antsika tsiaraikiaraiky koa ny tenanay hanao ezaka am-pitiavana sy am-pirahalahiana mba ho lavitry foana ny fifankahalàna, ny fitsitokotokoana, ny fifanenjehana ary ny fiatsaram-belatsihy ny fiaraha-monina ato anatin'ity tanim-bary iraisantsika ity. Aoka ho tena tombotsoan'ny orinasa no ataontsika lahara-pamehana sy vaindoa-draharaha. Tsara fantarintsika fa hezahina hapetraka ato amin'i SECREN SA tsy ho ela, ambany fiahian'ny Fitondràna Malagasy koa, ny "partenariat stratégique international".

Tsy ataontsika ambanin-javatra ihany koa ny fitandrovana ireo fepetra ara-pahasalamàna rehetra tokony ho raisina ho fiarovana ny aintsika mpiara-miasa fa, indrindra indrindra, hitohizan'ny fahatongavan'ireo sambo, na gasy na vahiny, ao amin'ny "chantier". Marihiko etoana fa ao anaty "*fahamailoana ara-pahasalamàna*" na "*vigilance sanitaire*" i Madagasikara amin'izao fotoana.

Koa, rarianay :

- ny mba ho arovan'Andriamanitra lalandava atsika jiaby, ka hitombo fahasalamàna hahafantsika miara-miriaria indray mandritra ity taona 2022 ity.
- Ary ho taona zina ho an'ny orinasa SECREN SA sy ny mpiasa rehetra isa-tokonam-baravaragna anie ity taona vaovao ity.

Ny Tale Jeneraly,

Abel NTSAY

*Diffusion Générale*

SECREN S.A. — SOCIETE D'ETUDES DE CONSTRUCTION ET DE REPARATION NAVALES — ANTSIRANANA

**SIEGE SOCIAL**
BP 135 - 1, rue Lavigerie – 201 Antsiranana – MADAGASCAR
Tél. (261 20) 82 293 21 - Secrétariat de la Direction
Gsm : (261 20) 34 07 002 51
Fax : (261 20) 82 293 26
E-mail : secren@secren.mg

**AGENCE**
180, route Circulaire – Ankorahotra
101 Antananarivo – MADAGASCAR
Tél. (261 20) 22 270 77/22 627 40
Fax : (261 20) 22 274 99
E-mail : agence@secren.mg

afaq ISO 9001 Qualité AFNOR CERTIFICATION